Faha-17 oktobra 2020

Andro iraisam-pirenena anoherana ny fahantrana lalina

*Miara-miasa ho an'ny rariny ara-tsosialy sy tontolo iainana*

# FAMPIRANTIANA : SARY MAMPISEHO NY KARAZANA ASA SY HETSIKA MITONDRA FANATSARANA NY TONTOLO IAINANA ANY AMIN'NY FARITRA ANDRAMIARANA SY ANTOHOMADINIKA IIIG HANGAR



Mpanao sary :
Hélène PERDEREAU



Ravo ny anarako, 20 taona aho. Taloha dorana ny poti-damba dia manimba ny tontolo iainana (mampikohaka, mankarary), fa izao ahodina ho tapis. Mivadika asa tanana malagasy. Fahafinaretana ny manao azy sady fivelomana, ary misy tombontsoa ho an’ny be sy ny maro. Lasa misy fivelarana sy fifandraisana amin'ny olona any ivelany amin'ny alàlan’ny lalam-barotra.

Faha-17 oktobra 2020

Andro iraisam-pirenena anoherana ny fahantrana lalina

*Miara-miasa ho an'ny rariny ara-tsosialy sy tontolo iainana*



Jeanine ny anarako, 39 taona aho. Ireto sachet ireto no nariana tany amin'ny décharge dia nandinika izahay hoe inona no azo ato amin'ireny. Zairinay mitambatra ho lehibe amidy anaroman'ny olona biriky, tafon-tsarety, atao lamban-databatra eny an-tsena... Tsy misy sachet verivery fotsiny satria ny kely tsy azo zairina entina amin'ny usine avadika kapa.

Faha-17 oktobra 2020

Andro iraisam-pirenena anoherana ny fahantrana lalina

*Miara-miasa ho an'ny rariny ara-tsosialy sy tontolo iainana*



75 taona aho, Jean-Pierre ny anarako. Betsaka ny zavatra azo atao hiarovana ny tontolo iainana, tokony tsy ho ariariana eny rehetra eny ny plastique. Satria manentsina ny lakan-drano nefa tokony ho azo hampiasaina indray. Ny ataoko dia manangona piece-na jiro, izay misy fahasimbana : ohatra misy fil tsy mifandray, izay arian'ny olona fotsiny. Kanefa mikarakara azy aho mba miverina ho azo ampiasaina indray. Sady atao hanamorana ny fiananan'ny olona tsy ampy fitaovana. Raha vita soamantsara dia miverina ohatra ny taloha ihany.

Faha-17 oktobra 2020

Andro iraisam-pirenena anoherana ny fahantrana lalina

*Miara-miasa ho an'ny rariny ara-tsosialy sy tontolo iainana*





Jean de Dieu ny anarako, 46 toana aho. Ny hoditr’omby ariana eny amin'ny decharge dia nahodiko kiraro indray. Manamboatra akora efa tsy nampiasaina : ny potika hoditra tsy avela miparitaka eran'ny tanana. Ny zavatra manahirana dia matahotra mpifaninana ny orinasa matanjaka dia matetika tombotombohany machine ireo hoditra mba tsy ho azo ampiasaina intsony.



Efa an-taona maro no niasa manao sobika aho. Izany no namelomako ny vady aman- janako. Mividy ireny fitaovana ariana eny amin'ny  mpivarotra karana ireny aho, satria mora sady amin'izay tsy mandoto ny tontolo iainana ny fako. Mahazo tombony kokoa aho satria fako no vidiako ho akora fototra.



Izaho no Paul, manamboatra jiro ny asako. Vao maraina be aho dia mandeha eny amin’ny La Reunion Kely mividy ireo takamoa ireo. Amboariko aty antrano dia izay mety dia amidiko indray. Ankoatra ny tombony amin'ny tontolo iainana, izany hoe mampihena ny fako électrique, dia misy koa ny tombony ara-piarahamonina. Ampahatelon'ny vidiny any amin'ny magasin ny vidiny ivarotako azy.

Faha-17 oktobra 2020

Andro iraisam-pirenena anoherana ny fahantrana lalina

*Miara-miasa ho an'ny rariny ara-tsosialy sy tontolo iainana*



Izaho no Felina. Ny fahatsapako ny tontolo iainana amin'izao dia feno sachet sy tavoahangy plastika miparitaka. Izay no nahatonga ahy narisika tamin'ny activité Tapori manao vazy amin'ny tavoahangy plastika. Tsapako fa ny fanaovana vazy amin'io tavoahangy plastika io dia mampihena ny tavoahangy miparitaka eto Antohomadinika.

Faha-17 oktobra 2020

Andro iraisam-pirenena anoherana ny fahantrana lalina

*Miara-miasa ho an'ny rariny ara-tsosialy sy tontolo iainana*



Ny mahatonga anay mamboly voninkazo eto amin'ity toerana ity dia satria tianay hahafinaritra sy madio ny tontolo manodidina. Tatatra maloto sy maimbo no hitan'ny maso eo sy andalovan'ny olona. Ny tanjonay dia ny tsy hanarian'ny olona fako amin'io tatatra io intsony, mety ho tonga saina ny tsirairay ary hanana faniriana mba ohatra izao daholo ny manodidina azy.



Koto no anarako. Tamin'ny confinement dia hitanay fa mivangongo ny tavoahangy plastika. Tsapa fa azo haverina ampiasaina ny tavoahangy hanaovana pouf. Tsy olona iray nanao an'ity fa asan'ny olona maro ao anatin'ny fianakaviana: ny sasany nanambatra tavoahangy, ny sasany nanjaitra ny tady, dia ny sasany nanao crochet.